MALAGASY

## NY SOMBIN-TANTARA

Tokony hanana **ireto fahalalana ireto** aho :
- ny atao hoe sombin-tantara
- ny oha-pitenenana fampihaingoana ny sombin-tantara
- ny atao hoe sehosehatra.

Ary manana **ireto fahaiza-manao ireto** :
- manakatra ny hevitra raketin'ny sombin-tantara
- milalao sombin-tantara natao sehosehatra.

**Aorian'ny lesona dia afaka** manakatra ny hevitra raketin'ny sombin-tantara aho.

### NY SOMBIN-TANTARA

#### FANEVA MAINTY

Terý amin'ny tanàna andafy atsimon-dry Ratia, nisy vehivavy akangakanga toetra izay. Rezina no anarany. Efa olon-dehibe izy fa mbola tsy manambady. Ny olona manao azy ho « mikentrona am-pijoroana », fa izy kosa nilaza ny tenany ho « mijoro miandry ny tiany ! ». Nanaovany toetra mipilapilaka sy vazivazy zary tenany Ratia, ka gaga no sosotra, nefa nisariaka ihany isaky ny tsidihany. Tamàna Ramatoa, ka mateti-pihavy; ary rehefa adala moa dia tian'ny olona hohadalaina, ka namaly vosobosotra hanadala azy Ratia.

………………………………………………………………………………..



Nisy sakaizan-dRatia anankiray. Rason no anarany, tonga hanao adidin'ny tena sakaiza, ka namandrapandraka izay rehetra naraorao tamin'ny toetr'ity namany. Lava ny fifamaliany, fa izao no re :

- Hatao ahoana moa re, ry ise ! hoy Ratia, fa ny afaky ny maty tsy afaky ny velona !
- Eny, hoy Rason, fa ny afaky ny velona dia ny mahery mivolambolana sy manitsakitsaka ny maty, na dia mbola manao fehy mainty toy itony aza !
- Aoka re, ry ise! Dia fahafirin'ny olona misaona ka diso aho, no dia lederan'ise loatra toy izany ?

……………………………………………………………………………………..

- Aoka izay ! hoy Rason. Endaho izao ankehitriny izao ity fehimainty ity! sady nombotany ny fehy sandrin'ity sakaizany. Aoka ry ise! hoy Ndriamatoa io, tsy ny tany no fady fa ny vavam-bahoaka.

Alahelo sy hatezerana no nisarahana.

Napetan-dRatia vonjimaika tamin'ny paingotra ny fehy sandriny dia lasa ho any amin-dRezina izy. […]

Efa alina vao afa-nody Ratia. Mba tsy hahataitra ny ankizy efa matory, dia ilay varavarankelin'ny trano fandriana no nataony fidirana, nefa nony nandalo tao amin'ny "raozin-dRanoro" izy, dia nisy nihazona ny tanan'akanjony ! Saiky nitambotsotra teo Ramose, fa tena ny matoatoan'ny maty no mangeja azy. Nankahery tena anefa izy, ka afa-niombotra ihany, ary iny nitsofoka natory ao an-trano fandriana.

Ny ampitso maraina, dia injao ny ankizy miantsoantso : "misy saina mainty mikopakopaka eo amin'ny raozin'Itompokovavy". Tsy naharitra ny zokiny, ka nivoaka hijery : "Ahoana re no nahatonga ny fehy sandrin'i Dada hihantona eto e ?" hoy izy.

Taitra Ratia ka nijery ny tanan'akanjony, ary tsy teo intsony ny fehy mainty. Izay vao azony an-tsaina fa hay ny fehy sandriny ilay voahazon'ny tsilom-bonindraozy halina, ka nanjary faneva mainty mihevaheva eo anelanelan'ny tany sy ny lanitra !

……………………………………………………………………………….

Nalain'ny zanany ilay "faneva mainty" malaza, ka nampiriminy, nony avy nokotsain'ny ranomasony. Dia niala saona tanteraka Ratia.

……………………………………………………………………………………..

Ampahana sombin-tantara nosoratan-dRAMANGAMALEFAKA (D.M.N.)
nalaina tao amin'ny bokin-dRAJAONA Siméon, Takelaka Notsongaina, tak.167

## SAHANASA 1 : MAMAKY TENY AHO



- mamaky teny aho, manaja ny lantom-peo sy ny mari-piatoana
- manaraka ny fientanam-po ao amin'ny tantara aho
- raisiko izay teny sarotra hitako
- **iza avy ny mpandray anjara ao anaty tantara ?**
  **inona no hafatra ampitaina ao ?**

## SAHANASA 2 : MITENY / MANORATRA AHO

**Fahazoana ny lahatsoratra**

- ireto avy ireto teny sarotra : mipilapilaka – vazivazy zary tenany – vosobosotra – niombotra – mihevaheva – nampirimina
  tadiaviko any anaty Rakibolana alaina any amin'ny Tahirim-bokin'ny sekoly ny heviny,

  na iarahana mikaroka amin'ny samy mpianatra
- - **iza no anaran'ireo mpandray anjara fototra ?**
  - **inona izany ny dikan'ny hoe mpandray anjara fototra ?**
  - **aiza sy aiza avy no mety amaritana ny fizarana misy ?**
  - **inona ny hevi-dehibe ambara isaky ny fizarana ?**
  - **ahoana ny foto-dresaka ao amin'ilay tantara ?**
  - ataovy ny famintinana ny lahatsoratra miainga amin'ireo hevi-dehibe hita isaky ny fizarana

**Fijerena ny kanto ao amin'ny lahatsoratra**

- ahoana ny fampiasan'ny mpanoratra ny oha-pitenenana ? Inona no nampiasain'ny mpanoratra anehoana ny toe-javatra mampihomehy ao ?

**Inona no atao hoe sombin-tantara ?**

- raisiko anaty kahie ny lesona.

## SAHANASA 3 : MANITATRA AHO

- inona no atao hoe sehosehatra ? (avadika ho tantara kely azo lalaovina an-tsehatra ilay sombin-tantara, ka ny mampiavaka azy dia resaka ifamalian'olona roa na telo no atao hohenoina sy hojerena.)
- - avadiko ho sehosehatra io sombin-tantara io, ianaranay ary lalaovinay mandritra ny fotoana tsy ianarana.
- inona ny hafatra ampitaina ao amin'ilay sehosehatra ?

miaraka ny iray tarika manomana ny fanamboarana ny sehosehatra.

- lalaovinay ao an-dakilasy mandritra ny fotoana fohy ny sehosehatra.

## SAHANASA 4 : MAHAY AHO VE ?

- vakiko imbetsaka ny lahatsoratra « Reny roa », jereko ny teny sarotra.
- mamaly ny fanontaniana fahazoan-dahatsoratra aho.



## RENY ROA

Nisaraka noho ny fifamaliana tsy misy dikany akory Rabehaja sy Ravelosoa raiamandrenin-dRahajasoa. Nanambady indray anefa Rabehaja taty aoriana ka nampakatra an-dRanoro. Tia sady tian-dRahajasoa Ranoro renikeliny. Rehefa hampakarina Rahajasoa, dia reny roa no samy nikarakara azy. Foana teo anefa io fanambadiana io noho ny fo ratsy izay nananan-dRavelosoa reny niteraka azy. Nataony tao anatin'ny akanjon-dRanoro mantsy ny tana be iray tamin'ny andron'ny fampakarana an-dRahajasoa. Niporitsaka tsy nijanona tao ilay tana fa nipetraka tao anatin'ny akanjon-drazazavavy hampakarina. Nivadim-po nandraiky narary izy noho ny fahatairany, ka nahemotra ny raharaha. Tapaka noho izay koa ny fanambadiana.

Famintinana sombin-tantara"Reny roa" nosoratan-dRAMANGAMALEFAKA, nalaina tao amin'ny bokin-dRAJAONA S., Takelaka Notsongaina tak.178

**Fanontaniana**

- inona no ilazana ny fifandraisan-dRabehaja sy Ravelosoa ?
- mpifaninona indray Rabehaja sy Ranoro ?
- manao ahoana no fifandraisan-dRahajasoa sy Ranoro
- manao ahoana ny toetran-dRavelosoa ?
- omeo ny antony nahatapaka ny fanambadian-dRahajasoa ?

Inona no lafiny mampalahelo amin'ilay sombin-tantara hoe "Reny roa" raha io famintinana azy fotsiny no dinihina ? inona indray no heverinao fa mampihomehy ? Hazavao ny valin-teninao.